Malagasy

# Days Never to Be Forgotten

By Elder Gary E. Stevenson
*Of the Quorum of the Twelve Apostles*

# Ireo andro izay tsy hohadinoina na oviana na oviana

Nataon'ny Loholona Gary E. Stevenson
*Ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo*

October 2024 general conference

---

*Upcoming moments will provide members of the Church everywhere with increased opportunities to share the glad tidings of the gospel of Jesus Christ.*

*Ireo fotoana ho avy dia hanolotra fahafahana bebe kokoa ho an'ireo mpikamban'ny Fiangonana na aiza na aiza hizarana ny vaovao mahafalin'ny filazantsaran'i Jesoa Kristy.*

## Introduction

My dear brothers and sisters, the history of The Church of Jesus Christ of Latter-day Saints in this dispensation is resplendent with divine experiences that demonstrate how the Lord has guided His Church. There is one decade in our history, however, that stands strikingly supreme above any other—the decade from 1820 to 1830. Beginning with the Prophet Joseph Smith's experience in the Sacred Grove in the spring of 1820, when he saw God the Father and His Son, Jesus Christ, and continuing until April 6, 1830, that decade is unlike any other.

Consider these remarkable events! The young prophet conversed with the angel Moroni, translated the gold plates, and published the Book of Mormon! He was the instrument through whom the Aaronic and Melchizedek Priesthoods were restored,and then he organized the Church! Oliver Cowdery described that era well: "These were days never to be forgotten."Miraculous events have continued to this very day.

May I be so bold as to suggest that this year we have commenced a decade that may prove to be as momentous as any that has followed that

## Teny fanolorana

Ry rahalahiko sy ranabaviko malala, mahatalanjona ny tantaran' Ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany amin'ity fotoampitantanana ity sy ireo tranga masina izay maneho ny fomba nitarihan'ny Tompo ny Fiangonany. Misy folo taona anefa teo amin'ny tantarantsika izay tena niavaka indrindra mihoatra noho ny hafa rehetra, dia ny folo taona nanomboka tamin'ny 1820 ka hatramin'ny 1830. Nanomboka tamin'ny zavatra niainan'ny Mpaminany Joseph Smith tao amin'ilay Alakely Masina ny lohataonan'ny 1820 raha nahita an' Andriamanitra Ray sy i Jesoa Kristy Zanany izy, ary nitohy hatramin'ny 6 aprily 1830. Tsy nitovy tamin'ny hafa rehetra izany folo taona izany.

Diniho kely ireo zava-nitranga miavaka ireo! Niresaka tamin'ny anjely Môrônia ny mpaminany vao herotrerony, nandika ireo takela-bolamena, ary namoaka ny Bokin'i Môrmôna! Izy no fitaovana izay namerenana tamin'ny laoniny ny Fisoronana Aharôna sy Melkizedeka,dia nanangana ny Fiangonana izy avy eo! Tena tsara no namariparitan'i Oliver Cowdery izany vaninandro izany: "Andro izay tsy hohadinoina na oviana na oviana ireny."Mitohy hatramin'izao andro izao mihitsy ireo zava-mitranga mahagaga.

Tena feno fahasahiana aho milaza aminareo fa ity taona ity no hanokafana folo taona izay mety ho hita fa manan-danja toy ireo hafa rehet-

unparalleled founding decade almost two centuries ago.

ra nanomboka tamin'ilay folo taona niorenan'ny Fiangonana efa ho taon-jato roa lasa izay.

## Our Decade

## Ny folo taona diavintsika

Let me explain. Between now, 2024, and 2034, we will experience seminal events that will result in extraordinary opportunities to serve, to unite with members and friends, and to introduce The Church of Jesus Christ of Latter-day Saints to more people than ever before.

Aoka hazavaiko izany. Manomboka izao 2024 izao ka hatramin'ny 2034 dia hiaina tranga maro manan-danja isika, izay hiteraka fahafahana tsy mbola nisy toy izany hanompo sy hiray hina amin'ireo mpikambana sy namana, ary hampahafantarana Ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany amin'olona maro kokoa noho ny teo aloha.

We just witnessed the power of a truly historic moment as we celebrated with tens of millions the 100th birthday of President Russell M. Nelson.

Vao avy nanatri-maso ny herin'ny fotoana iray tena manan-tantara isika raha niara-nankalaza tamin'olona am-polo tapitrisany maro ny tsingerin-taona faha-100 nahaterahan'ny Filoha Russell M. Nelson.

Reporting on President Nelson's birthday,Newsweekwrote a headline that read, "World's Oldest Religious Leader Turns 100." They then listed the world's 10 oldest faith leaders—with President Nelson first on a list that included Pope Francis and the Dalai Lama.

Raha nanao tatitra momba ny tsingerin-taonan'ny Filoha Nelson ny gazetyNewsweekdia nanoratra matoan-dahatsoratra izay mivaky hoe: "Feno 100 taona ny mpitarika fivavahana zokiolona indrindra manerana izao tontolo izao." Avy eo dia notanisain'izy ireo ireo mpitarika finoana 10 antitra indrindra—ka ny Filoha Nelson no voalohany teo amin'ny lisitra izay nahitana koa ny Papa François sy ny Dalaï Lama.

This statement from aNew York Timesarticle represents the spirit of much of the international coverage: "In a [United States] presidential election cycle that has prompted soul-searching about aging and leadership, Mr. Nelson's milestone suggests that, at least in his church, a triple-digit birthday does not merit much hand-wringing. He remains a popular figure among church members, who view their president not just as an executive but as a 'prophet, seer, and revelator.'"

Ity fanambarana avy tamin'ny lahatsoratra iray tao amin'nyNew York Timesity dia maneho kokoa ny fipakany maneran-tany: "Ao anatin'ny vanim-potoana fifidianana filoham-pirenena [an'i Etazonia] izay niteraka fandinihan-tena mahakasika ny fahanterana sy ny fahafaha-mitarika, ny dingana tratran' Andriamatoa Nelson dia toa maneho, raha ny ao amin'ny fiangonany aloha, fa ny tsingerin-taona ahitana tarehimarika telo dia tsy mampiahiahy loatra. Mbola olona mamy hoditra ihany izy eo anivon'ireo mpikamban'ny fiangonana izay tsy mandray azy tsy ho toy ny mpitarika fotsiny fa ho -mpaminany sy mpahita ary mpanambara- ihany koa."

How grateful we are that President Nelson's landmark birthday gave us an opportunity to introduce a global audience to a prophet of God, a celebrationnever to be forgotten.

Feno fankasitrahana tokoa isika fa nanome antsika fahafahana hampahafantatra ny mpaminanin' Andriamanitra tamin'izao tontolo izao iny tsingerin-taona miavaky ny Filoha Nelson iny, fankalazana izaytsy hohadinoina na oviana na oviana.

Earlier this spring, a refurbished plaza on Temple Square—featuring a display of international flags representing countries where the Church is recognized—was unveiled. The plaza entrance is marked by a granite monument with these prophetic words: "And it shall come to

Teo am-panombohan'ity lohataona ity no nampisehoana voalohany ny tokontany malalaky ny Temple Square nasiam-panavaozana, ahitana ny rantin'ireo sainan'izao tontolo izao maneho ireo firenena izay nahazoan'ny Fiangonana fankatoavana. Ny fidirana ao amin'ilay tokontany

pass in the last days, that the mountain of the Lord's house shall be established in the top of the mountains, and shall be exalted above the hills; and all nations shall flow unto it."

malalaka dia ahitana tsangambato vita amin'ny granita izay ahitana ireto teny faminaniana ireto voasoratra eo aminy: "Ary izao no ho tonga any am-parany: Ny tendrombohitra misy ny tranon'[ny Tompo] dia haorina eo an-tampon'ny tendrombohitra, ary hasandratra ho avo noho ny havoana; ary ny [firenena] rehetra hitanjozotra hankany."

Surely, the monumental events that will occur during the next 10 years constitute one manifestation this prophecy of Isaiah is being fulfilled.

Azo antoka fa ireo tranga lehibe izay ho tonga ato anatin'ny 10 taona ho avy dia endrika iray maneho fa eo an-dalam-pahatanterahana io faminanian' Isaia io.

Contemplate the unprecedented number of temple open houses and dedications that are planned to take place over the next decade, even the potential of 164 temples and counting. Imagine tens of millions of you and your friends walking through a house of the Lord. The symbolic center of these events will be the rededication of the Salt Lake Temple and the activities associated with it. These certainly will be days never to be forgotten.

Diniho ny isan'ireo varavarana misokatra sy fanokanana tempoly mbola tsy nisy betsaka toy izany izay azo heverina fa hitranga ato anatin'ny folo taona manaraka, mety hahatratra tempoly 164 ary mbola hitombo. Alaivo sary an-tsaina hoe am-polo tapitrisany aminareo sy ny namanareo no mandeha ao amin'ny tranon'ny Tompo. Ny ivo ara-tandindon'ireo tranga ireo dia ny famerenana ny fanokanana ny Tempolin'i Salt Lake indray sy ireo hetsika manodidina izany. Azo antoka fa ho andro tsy hohadinoina na oviana na oviana ireo.

The year 2030 will bring opportunities worldwide to commemorate the bicentennial of the organization of the Church. Although it is too early to say how the Church will recognize this milestone, it will certainly allow us to invite family, friends, colleagues, and distinguished guests to "come and see"and to better understand the powerful impact the Church has in the lives of Church members.

Ny taona 2030 dia hitondra fahafahana maneran-tany hankalazana ny faha roanjato taona niorenan'ny Fiangonana. Na dia aloha loatra aza izao ka tsy ahafahana milaza izay fomba hanamarihan'ny Fiangonana izany dingana manan-danja izany, dia azo antoka fa izany dia hahafahantsika manasa fianakaviana sy namana sy mpiara-miasa ary vahiny manan-kaja mba "ho avy ka hizaha"ary hahatakatra tsara kokoa ny fiantraikany mahery ananan'ny Fiangonana eo amin'ny fiainan'ny mpikamban'ny Fiangonana.

In 2034, thousands of dignitaries, visitors, and athletes from around the world will flood the streets of Salt Lake City, the stage for the Winter Olympic Games. There is perhaps no greater demonstration of worldwide unity than that embodied in the Olympic Games. The eyes of the world will be upon the Church and its members, affording a multitude of opportunities to volunteer, serve, and share glad tidings through kind deeds—an event never to be forgotten.

Amin'ny 2034 dia olo-manan-kaja sy vahiny ary atleta an'arivony maro avy amin'izao tontolo izao no hanenika ireo araben'i Salt Lake City, sehatra hanatanterahana ny Lalao Olympika mandritry ny Ririnina. Angamba tsy misy fanehoana firaisan-kina maneran-tany lehibe kokoa mihoatra noho ny mandritra ny Lalao Olympika. Hifantoka amin'ny Fiangonana sy ireo mpikambana ao aminy ny mason'izao tontolo izao, ka manolotra fahafahana marobe hanao asa an-tsitrapo sy hanompo ary hizara vaovao mahafaly amin'ny alalan'ny asa feno hatsaram-panahy; hetsika iray tsy hohadinoina na oviana na oviana.

These upcoming moments will provide members of the Church everywhere with increased opportunities to share the glad tidings of the gospel of Jesus Christ through word and

Ireo fotoana ho avy ireo dia hanolotra fahafahana bebe kokoa ho an'ireo mpikamban'ny Fiangonana na aiza na aiza hizarana ny vaovao mahafalin'ny filazantsaran'i Jesoa Kristy amin'ny

deed, a decade never to be forgotten.

teny sy ny atao; folo taona tsy hohadinoina na oviana na oviana.

## Glad Tidings

In a meeting just weeks before his birthday, President Nelson shared the reason he cherishes the phrase "glad tidings." On the face of it, he noted, the phrase rings of joy and happiness. But "glad tidings" conveys much more than that. He explained that this phrase comes from the original Greek wordeuangelion, which literally means the "good news" or the "gospel."Happiness and joy in this life and the next are always linked with the gospel of Jesus Christ. Thus the phrase "glad tidings" captures this double meaning in a wonderful way.

"Men [and women] are, that they might have joy."Heavenly Father has provided the plan of happiness that enables joy through His blessings. These include living in His presence eternally as families. The Atonement of Jesus Christ is central to God's plan to redeem us. To receive eternal life, we must come unto Christ. As we do so "and help others do the same, we participate in God's work of salvation and exaltation."

This message of the glad tidings of the gospel of Jesus Christ is the most important message on earth. And that is where the youth and young adults of the Church come in.

## For the Strength of Youth

Now, while this upcoming decade may be filled with daysnever to be forgottenfor every member of the Church, this especially can be true for you of the rising generation. You are here on earth now because you were selected to be here now. You have the strength and capacity to be disciples of Christ in an unprecedented way.

## Vaovao mahafaly

Nandritra ny fivoriana iray herinandro vitsy talohan'ny tsingerin-taonany dia nozarain'ny Filoha Nelson ny antony hankamamiany ny andian-teny hoe "vaovao mahafaly." Raha vao henoina, hoy izy, dia maneho fifaliana sy fahasambarana ilay andian-teny. Saingy ny hoe "vaovao mahafaly" dia mampita zavatra mihoatra lavitra noho izany. Nanazava izy fa io andian-teny io dia avy amin'ny teny Grika ifotony manao hoeeuangelion, izay midika ara-bakiteny hoe ny "vaovao tsara" na ny "filazantsara."Ny fahasambarana sy fifaliana amin'ity fiainana ity sy ny fiainana manaraka dia mifandray foana amin'ny filazantsaran'i Jesoa Kristy. Araka izany, ilay teny hoe "vaovao mahafaly" dia mamoaka an'ireo hevitra roa ireo amin'ny fomba mahavariana.

"Misy ny [lehilahy, sy ny vehivavy] mba hahazo fifaliana."Nanolotra ny drafitry ny fahasambarana ny Ray any An-danitra mba hisian'ny fifaliana amin'ny alalan'ireo fitahiana avy Aminy. Tafiditra ao anatin'izany ny fiainana eo anatrehany mandrakizay miaraka amin'ny fianakaviana. Ny Sorompanavotan'i Jesoa Kristy no ivon'ny drafitry ny famonjena an' Andriamanitra. Mba hahazoana ny fiainana mandrakizay dia tsy maintsy manatona an'i Kristy isika. Rehefa manatona an'i Kristy isika ka manampy ny hafa hanao torak'izany koa, dia mandray anjara amin'ny asan' Andriamanitra ho an'ny asa famonjena sy ho an'ny fisandratana isika.

Ity hafatry ny vaovao mahafalin'ny filazantsaran'i Jesoa Kristy ity no hafatra manan-danja indrindra eto an-tany. Ary eo no miditra an-tsehatra ireo tanora olon-dehibe sy zatovon'ny Fiangonana.

## Ho zatovo mahery!

Na dia tena marina aza fa ho feno androtsy hohadinoina na oviana na ovianaity folo taona ho avy ity ho an'ny mpikamban'ny Fiangonana tsirairay, dia tena ho marina kokoa izany ho anareo taranaka vao misondrotra. Tonga eto an-tany ianareo amin'izao fotoana izao satria voafidy ny ho eto amin'izao fotoana izao. Manana ny tanjaka sy ny fahaizana ianareo ho tonga mpianatr'i Kristy amin'ny fomba tsy mbola nisy hatrizay.

President George Q. Cannon taught, “God has reserved spirits for this dispensation who have the courage and determination to face the world and all the powers of the evil one [and to] … build up the Zion of our God fearless of all consequences.”

Nampianatra ny Filoha George Q. Cannon hoe: “Notehirizin’ Andriamanitra ho an’ity fotoampitantanana ity ireo fanahy izay manana ny risi-po sy fahavononana hiatrika izao tontolo izao sy ireo hery rehetran’ilay ratsy, [ary] … hanangana ny Zionan’ilay Andriamanitsika ka tsy matahotra izay rehetra mety ho vokany.”

To that end, I wish to speak to you of the rising generation, to invite you to imagine how exciting this next decade, one never to be forgotten, can befor you. I also offer a few simple words of counsel and encouragement that may empower you during this coming decade.

Ho an’izany tanjona izany dia maniry aho ny hiresaka aminareo taranaka vao misondrotra, ka manasa anareo hisaintsaina fa tena hampientanentana ity folo taona ho avy ity, ho folo taona tsy hohadinoina na oviana na ovianaho anareo. Manolotra ihany koa aho teny tsotra vitsivitsy feno torohevitra sy fankaherezana izay mety hampatanjaka anareo mandritra ity folo taona ho avy ity.

Like many of you, I have a smartphone that, on occasion and without any prompt, pulls together a reel of photos showing what I was doing on a certain day. It is always surprising to see how much things have changed for me and my family in just a few years.

Tahaka ny ankamaroanareo dia manana finday aho izay indraindray tsy angatahina akory dia manambatra andian-tsary ho lasa horonan-tsary fohy mampiseho izay zavatra nataoko tamin’ny andro iray manokana. Manaitra hatrany ny mahita hoe hatraiza ny fiovana nisy teo amiko sy ny fianakaviako tao anatin’ny taona vitsy monja.

Picture the photosyourphone will serve up 10 years from now! You may see yourself graduating from high school or college, receiving your endowment, going on a mission, getting married, and having your first child. For you personally, this will be a decadenever to be forgotten. But it will bedoublyso if you actively strive to become a light unto the world of how the glad tidings of the gospel of Jesus Christ can enrich and enhance not only your lives but also those of your family, friends, and social media followers.

Alaivo sary an-tsaina ange ireo sary izay hatolotry ny findainaoao anatin’ny 10 taona manomboka izao e! Mety ho hitanareo ianareo afaka baka na mahavita fianarana ambony, sy mandray fanafiana masina, sy mandeha mitory filazantsara, sy manambady, ary miteraka ny zanakareo voalohany. Ho anareo manokana izany dia ho folo taonatsy hohadinoina na oviana na oviana. Fa mbola horoa avo henyizany raha miezaka amim-pahavitrihana ianareo ho tonga fahazavana ho an’izao tontolo izao mikasika ny fomba ahafahan’ireo vaovao mahafalin’ny filazantsaran’i Jesoa Kristy mitondra harena sy hatsarana tsy ho an’ny fiainanareo ihany fa ny an’ny fianakavianareo sy ny namanareo ary ireo mpanaraka anareo eny amin’ny tambajotran-tserasera ihany koa.

You may be wondering how to do this.

Mety manontany tena ianareo hoe ahoana no hanaovana izany.

Prophets of God have taught us this is done through four simple activities, referred to as divinely appointed responsibilities:first, living the gospel of Jesus Christ; second, caring for those in need; third, inviting all to receive the gospel; and fourth, uniting families for eternity. Remarkably, each can be done in the most normal and natural ways.

Nampianatra antsika ireo mpaminanin’ Andriamanitra fa izany dia atao amin’ny alalan’ny zavatra atao tsotra anankiefatra, antsoina hoe ireo andraikitra voatendrin’ Andriamanitra:voalohany, miaina ny filazantsaran’i Jesoa Kristy; faharoa, mikarakara ireo sahirana; fahatelo manasa ny rehetra handray ny filazantsara; ary fahefatra, mampitambatra ny fianakaviana ho mandrakizay. Tsara ho marihana fa izy tsirairay

ireo dia azo tanterahina amin'ny fomba farany izay tsotra sy mandeha ho azy.

## Divinely Appointed Responsibilities

I promise you this will be a decade never to be forgottenfor youif youembrace these four divinely appointed responsibilities. Let's consider what this might entail.

First, live the gospel of Jesus Christ. Study the words of the prophets, and learn to love your Father in Heaven. Incline your hearts to Him, and strive to walk in His way. Be lifted by the "covenant confidence" that Elder Ulisses Soares has described.This confidence comes from making covenants to follow Jesus Christ, knowing that the Savior will in turn strengthen and support you.

Let your friends see the joy you feel in living the gospel, and you will be the best gospel message they ever receive.

Second, reach out in compassion to care for those in need. Your generation is unusually mindful of the less fortunate. Whenever disaster strikes and Church members rush to help clear away debris and comfort the afflicted, it seems the majority wearing "Helping Hands" T-shirts are teenagers and twentysomethings. It is in your nature "to bear one another's burdens" and "comfort those that stand in need of comfort."By doing this we "fulfil the law of Christ."

Evan, a young Primary-age boy, decided to spend his summer vacation from school gathering supplies for peanut butter and jelly sandwiches to donate to his local food bank. He found the project on the JustServe website. Young Evan enlisted his entire school class to help collect over 700 jars of jelly!Let the people you serve know that your concern for them is rooted in your love of God and your desire to treat your neighbor as yourself.

Third, invite all to receive the gospel. This

## Andraikitra voatendrin' Andriamanitra

Mampanantena anareo aho fa ho folo taona tsy hohadinoina na oviana na oviana izanyho anareoraha miroboka amin'ireo andraikitra efatra voatendrin' Andriamanitra ireo ianareo. Andeha ho dinihantsika izay mety ho dikan'izany.

Voalohany, miaina ny filazantsaran'i Jesoa Kristy. Halalino ny tenin'ireo mpaminany ary mianara mitia ny Rainareo any An-danitra. Atongilano Aminy ny fonareo ary miezaha mandeha amin'ny lalany. Aoka ianareo ho entanin'ilay "fitokiana amin'ny fanekempihavanana" araka ny nofariparitan'ny Loholona Ulisses Soares.Io fitokiana io dia azo amin'ny fanaovana fanekempihavanana hanara-dia an'i Jesoa Kristy, ka mahafantatra fa ny Mpamonjy ho setrin'izany dia hampahery sy hanohana anareo.

Aoka ireo namanareo hahita ny fifaliana izay tsapanareo noho ny fiainana ny filazantsara ary ianareo no ho hafatry ny filazantsara tsara indrindra voarain'izy ireo hatrizay.

Faharoa, manolora tanana amim-pangorahana hikarakarana ireo sahirana. Ny taranaka misy anareo dia miraharaha mihoatra noho ny mahazatra an'ireo izay niangaran'ny vintana. Isaky ny misy loza mitranga ka mihazakazaka ireo mpikamban'ny Fiangonana hanampy hanala ireo korotam-bato sy hampionona ireo traboina, dia toa zatovo na tanora roapolo taona mahery eo ho eo no ankamaroan'ireo mpisalotra akanjo "Manome Tanana". Efa ao anatinareo izany hoe "mifampitondra ny enta-mavesatra" sy "mampionona ireo izay mila fampiononana" izany. Ny fanaovantsika izany dia "[mahatanteraka] ny lalàn'i Kristy."

I Evan, zazalahy kely ao amin'ny kilonga dia nanapa-kevitra ny handany ny fialantsasatra fahavaratry ny sekoly hanangonana ireo vokatra fanaovana mofo sy totom-boanjo sy kaonfitira ho atolotra ny toby fanangonan-tsakafo eo an-toerana. Tao amin'ny tranonkalan'ny JustServe no nahitany an'io tetikasa io. Nanentana ny kilasiny iray manontolo i Evan kely hanampy amin'ny fanangonana kaonfitira 700 tavoahangy!Avelao ireo olona ampianao hahafantatra fa ny fisahirananao momba azy ireo dia mifototra amin'ny fitiavanao an' Andriamanitra sy ny fanirianao hitia ny namanao tahaka ny tenanao.

Fahatelo, manasa ny rehetra handray ny fi-

year we opened 36 new missions worldwide to accommodate all who desire to serve full-time missions. In an era when many youth are opting out of formal religious activity altogether, this is remarkable and speaks to the magnificent nature of your testimonies. Whether serving full-time or not, please realize your immense capacity to influence your peers as you love, share, and invite them to explore the gospel of Jesus Christ.

lazantsara. Nanokatra misiôna 36 vaovao maneran-tany isika tamin'ity taona ity mba handraisana ireo rehetra izay maniry hanompo amin'ny fotoana feno. Ao anatin'ny vanim-potoana hialan'ny tanora maro amin'izay mety ho hetsika ara-pivavahana ôfisialy, dia tena mendri-piderana izany ary manambara ny maha lehibe tokoa ny fijoroana ho vavolombelona anananareo. Na manompo amin'ny fotoana feno ianareo na tsia, dia tanteraho ny fahafahanareo lehibe hitaona ireo namanareo rehefa mitia sy mizara ary manasa azy ireo hamantatra ny filazantsaran'i Jesoa Kristy ianareo.

Fourth, unite families for eternity. As I visit temples around the world, I marvel at the standing-room-only crowds of youth waiting at the baptistry and the increased numbers of young adults serving as ordinance workers. Recently a group of over 600 youth from Scotland and Ireland traveled to the Preston England Temple, performing over 4,000 ordinances, many of which were for their personal deceased ancestors!I urge you to become engaged in family history, spend time in the temple, and carefully prepare yourself to be the kind of man or woman ready to marry an equally worthy companion in the temple. Develop a pattern in your lifenowto make the temple a regular part of your lives.

Fahefatra, mampitambatra ny fianakaviana ho mandrakizay. Rehefa mitsidika ireo tempoly manerana izao tontolo izao aho dia finaritra mahita ny efitrano hijoroana fotsiny izay rakotra zatovo miandry eo amin'ny dobo fanaovam-batisa sy ny isan'ny tanora olon-dehibe tsy mitsaha-mitombo mirotsaka ho mpanatanteraka ôrdônansy. Vao tsy ela akory izay no nisy andian'olona maherin'ny 600 isa eo ho eo avy any Ekôsy sy Irilandy nanao dia nankany amin'ny Tempolin'i Preston, Angletera, nanatanteraka ôrdônansy maherin'ny 4000, ka maro tamin'izany no razamben' izy ireo manokana efa nodimandry!Miangavy anareo aho ho lasa mpanao tantaram-pianakaviana mavitrika, handany fotoana any amin'ny tempoly ary hiomana ho tonga ilay karazana lehilahy na vehivavy vonona hanambady namana sahaza mendrika toy izany koa any amin'ny tempoly. Manàna fahazarana eo amin'ny fiainanareoamin'izao fotoana izaohanao ny tempoly ho ampahany tsy tapaka eo amin'ny fiainanareo.

## Conclusion

My beloved brothers and sisters, my dear young friends, there will likely be difficulties for each of us in the days ahead. However, as we enter this coming decade of unprecedented moments, may we share glad tidings through the simple activities of living, caring, inviting, and uniting. As we do so, the Lord will bless us with experiences never to be forgotten.

I testify that those who approach the Lord with a sincere heart and real intent, those who have the name of the Savior upon their lips and the Holy Spirit in their souls, those who embark

## Teny famaranana

Ry rahalahiko sy anabaviko malala, ry tanora namako malala, azo inoana fa hisy fotoan-tsarotra ho antsika tsirairay amin'ny andro ho avy. Na izany aza, amin'izao fidirantsika amin'ity folo taona ho avy itrangan'ny fotoana tsy mbola nisy toy izany ity dia enga anie isika hizara vaovao mahafaly amin'ny alalan'ireo asa tsotra eo amin'ny fiainana, sy ny fikarakarana, sy ny fanasana ary ny fampitambarana. Raha manao izany isika dia hanome antsika fotoana tsy hohadinoina na oviana na oviana ny Tompo.

Mijoro ho vavolombelona aho fa ireo izay manatona ny Tompo amin-kitsim-po sy finiavana marina, ireo izay manana ny anaran'ny Mpamonjy eo imolony sy ny Fanahy Masina ao